

**FILAZANA MANOKANA MOMBA NY RIVODOZA NY 06 FEBROARY 2026**  
**TAMIN'NY 04 ORA HARIVA**

**N°01/10-MTM/SG/DGM/DEM/SMO.26**

Tamin'ny 03 ora tolak'andro teo dia tany amin'ny 1091 km Atsinanan'i Ste Marie no nisy ny foiben'ilay faritra andro ratsy ao amin'ny ranomasimbe Indiana. 55 km/ora ny rivotra miaraka aminy izay arahina tafiotra 75 km/ora ao anaty oram-baratra. Nikisaka nianatsimo Andrefana izy tao anatin'ny ora enina farany ka nahafaka 16 km/ora.

Mikorontana ny tontolo ivorany ankehitriny ka mampiadana ny fihazoany. Vinavinaina hivoatra tsikelikely ity tangoron'oram-baratra ity ka andrasana ny hivadiany ho rivodoza ato anatin'ny 48 ora manaraka.

Araka ny vinavina dia manambana mivantana ny ilany Afovoany Atsinanan'ny Nosy iny izy amin'ny fiandohan'ny herin'andro manaraka. Tsy mbola hisy fiantraikany amin'ny toetry ny andro eto Madagasikara kosa ny fisiany ato anatin'ny telo andro manaraka.

Tsy mbola misy araka izany ny filazana loza mikasika ny rivodoza.

langaviana ny mponina amin'ny faritra AMBATOSOA hatrany VATOVAVY mba hanaraka ny fivoaran'ity tranga ity. Entanina ihany koa ny mpisehatra rehetra amin'ny fifehezana ny hamehana mba hiomana sahady amin'ny lamina sy paika hampihenana ny mety ho voka-dratsiny.

**BULLETIN CYCLONIQUE SPECIAL DU 06 FEVRIER 2026 A 16 HEURES LOCALES**

A 15 heures locales, la Perturbation Cyclonique faisant l'objet d'un suivi dans l'Océan Indien était localisée à 1091 km à l'Est de Ste Marier. Toujours au stade embryonnaire, le vent moyen associé est estimé à 55 km/h et des rafales locales de 75 km/h sous orages. Elle s'est déplacée vers le Sud-Ouest à un rythme de 16 km/h.

L'environnement atmosphérique est actuellement hostile, ralentissant son intensification à court terme. Un développement lent vers le stade Tempête Tropicale est donc prévu au cours des 48 prochaines heures.

Selon la prévision actuelle, ce système présente une menace directe sur la partie centre Est de l'île en début de la semaine prochaine. Cependant, elle n'aura pas encore d'influence notable sur les conditions météorologiques à Madagascar au cours des trois prochains jours.

Ainsi, il n'y a pas encore d'alerte cyclonique en vigueur.

Les populations des régions allant d'AMBATOSOA à VATOVAVY sont priées de suivre l'évolution de la situation. Les acteurs impliqués dans le processus de gestion des urgences sont également invités à mettre en œuvre les plans de préparation, afin de minimiser ou prévenir les éventuels impacts.

**PROCHAIN BULLETIN SPECIAL : Le 07/02/2026 à 10 heures locales**

**BULLETIN FLASH : Néant**

**Le Chef du Service de la  
Météorologie Opérationnelle**

A red circular official stamp of the Madagascar Meteorological Service. The text around the perimeter includes "REPUBLIQUE MALAGASY", "MINISTRE DES EMBLÉMATIQUES", and "MÉTÉOROLOGIE". In the center, there is a logo featuring a sun and a cloud.